# FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY MANJAKANDRIANA MADAGASIKARA

JANOARY 2022

ASRHR

FAHASALAMANA FANAOVANA SY FAHASALAMANA NY FANAOVANA

**FISY FAMPAHAFANTARANA**

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Manjakandriana ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo[1] ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.[2] Tany Manjakandriana, toeram-pitsaboana iray no voakasiky ny fanadihadiana; 211 ireo namaly: 51% tovovavy ary 49% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

### Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Latsaky ny atsasamanila n'ireo tanora namaly (42%) no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- Mihoatra lavitra ny roa am-pahatelon'ireo namaly (71%) nanamafy avokoa fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- 64%-n'ireo tanora nohadihadiana no nitatitra fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro.
- Maro tamin'ireo tanora (86%) no namaly fa ahazoana aina tsara ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ny tobim-pahasalamana.
- 33%-n'ireo tanora no nanamafy fa andovam-bola amin'ny sarany $1 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

### Kalitaon'ny fikarakarana

- Voahaja ny ankamaroany tamin'ireo tanora nohadihadiana (87%), raha ny 85%-n'izy ireo no nanaiky fa nisy ny fiantohana ny tsiambaratelo.
- Ampahany ambony tamin'ireo tanora (82%) no namaly fa sady nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny no ihany koa nandanian'ireo mpiasan'ny fahasalamana fotoana ampy tsara.
- 81%-n'ny mpamaly no nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala.
- 73%-n'ireo tanora no namaly fa voazaha manokana.
- 60%-n'ireo nohadihadiana no nitatitra fa nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe.

### Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- 12%, tena vitsy ireo tanora nitaky tolotra momba ny fanabeazana aizana, salan'isa mametraka an'i Manjakandriana ho farany raha oharina amin'ireo kaominina hafa amin'io lafiny io. 72% tamin'izy ireo no nahazo izany: mbola mila ezaka hatrany hahafeno 100% ny famaliana ny fangatahan'ireo tanora satria tena ilaina amin'ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo ny fisitrahana fampiasana fanabeazana aizana.
- 13% tamin'ireo tovovavy tany Manjakandriana ihany no nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka 86% no nahazo izany. Telo isan-jaton'ireo nanao fitiliana ireo no bevohoka nandritra ny fotoana nanaovana fanadihadiana: taha ambony izay mety ho vokatry ny fisalasalan'ireo tanora hampiasa fanabeazana aizana noho ireo sakana maro (tafiditra amin'izany ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny fahafahana misitraka feno ireo tolotra).
- 1% tamin'ireo tovovavy ihany no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana, mety noho ny fahafantarany fa mila mividy vao manana izany. Na izany anefa, nahazo izany avokoa ireo rehetra nangataka: tondro maneho fa misy tokoa ny ezaka amin'ny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana.
- Amin'ireo tovolahy 10% nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofo fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, 77% tamin'iretsy farany no nahazo fotoana hanatanterahana ny famorana.
- 1%-n'ireo tanora ihany no nangataka hanao fitiliana VIH, farany ihany koa Manjakandriana amin'ity lafiny fitakiana fitiliana VIH ity. Na ambany aza ny tahan'ny fihanaky ny VIH eto Madagasikara, zava-dehibe hatrany ny fanaovana fitiliana mba ahafahana misoroka amin'ny otrik'aretina. Marihina moa fa ireo rehetra nangataka fitiliana dia nahazo avokoa, maneho fa efa tomombana ny rafitra ara-pahasalamana eo amin'ny fitiliana ny VIH.
- 2%-n'ireo tanora ihany no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, ka 75% tamin'izy ireo dia nahazo avokoa.
- Tsy nisy nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH satria mety ho tsy nisy nila izany izy ireo.
- Eo amin'ny roa am-pahatelo (64%) ny tanora no nanambara fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Isany firosoana goavana satria tena mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

[1] Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.
[2] Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamitarana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

***RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY*** *Tsidiho ny:*
*https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/*

**Tsipirian'ny fifandraisana:** *Gender Links Madagasikara*
**Adiresy:** *Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo*
**Tel**: *+261328732519*

AMPLIFYCHANGE

Hivos people unlimited

GENDER LINKS HO FAMPANJAKANA NY FITOVIANA SY NY FAHAMARINANA

TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY MANJAKANDRIANA MADAGASIKARA

| Tondro | Manjakandriana | CSB II Manjakandriana |
|---|---|---|
| Totaly | 211 | 211 |
| %Vehivavy | 51% | 51% |
| %Lehilahy | 49% | 49% |
| ***Mahakasika ny tobim-pahasalamana*** | | |
| Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? % | 42% | 42% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? % | 71% | 71% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? % | 64% | 64% |
| Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? % | 86% | 86% |
| Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? % | 42% | 42% |
| Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara) | $2 | $2 |
| ***Kalitaon'ny fikarakarana*** | | |
| Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? % | 81% | 81% |
| Tanora voahaja nandritry ny fizahana % | 87% | 87% |
| Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny % | 60% | 60% |
| Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana % | 73% | 73% |
| Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo % | 85% | 85% |
| Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora % | 82% | 82% |
| Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany % | 82% | 82% |
| ***Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)*** | | |
| ***Fahasalaman'ny Reny*** | | |
| %Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana | 12% | 12% |
| %Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana | 72% | 72% |
| % Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka | 13% | 13% |
| %Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany | 86% | 86% |
| %Tovovavy bevohoka | 3% | 3% |
| ***Fahasalamana mandritra ny fadimbolana*** | | |
| %Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana | 1% | 1% |
| %ireo nangataka salaka ka nahazo | 100% | 100% |
| ***VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo*** | | |
| %Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra | 10% | 10% |
| %Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra | 70% | 70% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH | 1% | 1% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo | 100% | 100% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo | 2% | 2% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo | 75% | 75% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra) | 0% | 0% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany | | |
| %-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana | 64% | 64% |